# Ilay Voa Tsara Nafafy 08 Septambra 2018

**8** **Asabotsy**
septambra

**Sambatra ny malahelo am-panahy ; fa azy ny fanjakan'ny lanitra.** Matio 5. 3

**Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena.** 1 Petera 5. 5

### Sambatra ny mahantra am-panahy

Ambaran'ny ivon-toeram-pirenena momba ny antontanisa fa nihalalina hatrany ny hantsana mampisaraka ny manankarena indrindra sy ny mahantra indrindra, tato anatin'ireto folo taona farany ireto, na any amin'ny firenena lazaina fa kristiana, na any an-tany hafa.

Ny Baiboly dia miaiky fa hisy mandrakariva ny mahantra eo amin'ny fiarahamonina (Deoteronomia 15. 11). Nohamafisin'i Jesosy ny fahamarinan'izany (Jaona 12. 8) ary taominy fatratra isika mba halala-tanana (Matio 5. 42).

Nefa misy fahantrana iray hafa, izay asehon'i Jesosy antsika ho toetra tsara tokony hananana sy hokolokoloina, dia ny fahantrana am-panahy. Io dia sady fanekena fa tsy mahafantatra ny zavatra rehetra no fanetrentena toy ny zaza anambaran'Andriamanitra ny zava-miafiny (Lioka 10. 21). Haintsika ny mampitombo fahalalana momba ny Baiboly, ny tantara, ny teny, ny siansa, toy ny fanangonana harena. Ireo rehetra ireo anefa dia tsy manampy antsika hahatakatra ny Baiboly : tsy ahafahana manatona an'Andriamanitra ny fahalalana irery.

Tsy misy dikany, ho antsika kristiana, ny fahalalana tsotra fotsiny ny Soratra Masina, tsy misy fitiavana avy amin'Andriamanitra. Io fitiavana io irery ihany no tsy mitady tombontsoa ho an'ny tenany, tsy mirehareha ary mandroaka ny avonavona (1 Korintiana 13. 4). Ao amin'ny filazantsara, ny Fariseo, na dia tampom-pahaizana momba ny Testamenta Taloha aza, dia nandà ny Tompo Jesosy, „Ilay Teny velona". Fahalalana ara-tsaina ny tenin'ny Soratra Masina ihany no nananan'izy ireo. Nafangarony ny fahalalana sy ny finoana. Nefa ny finoana tsy tokony hiorina „amin'ny fahendren'ny olona, fa amin'ny herin'Andriamanitra ihany" (1 Korintiana 2. 5). Ny finoana dia avy amin'ny fihainoana sy ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra (Romana 10. 17), ary mitarika ny olona hitoky amin'Andriamanitra.